## HAZAKAZAKA LAVITR'EZAKA

# Hiaro ny tontolo iainana ny «Marathon international de Tana»

Niova fikendry. Hanentana ny rehetra hiaro ny tontolo iainana ny fifaninanana hazakazaka lavitr'ezaka, «*Marathon international de Tana*», andiany faha-15, hotanterahina amin'ny 10 – 11 oktobra ho avy izao. «*Hiara-hiasa amin'ny minisiteran'ny Tontolo iainana izahay amin'ity hetsika ity ary hanararaotra ny andro iray hahafahana miady amin'ny fahalotoan'io sehatra io, ankehitriny*», hoy i Mercédès Ratsirahonana, tompon'andraikitra iray eo anivon'ny World Trade Center (WTC) eto Antananarivo, mpikarakara ny hetsika. Ankoatra izany dia hiara-hisalahy amin'ny Federasiona malagasin'ny atletisma, tompon'ny taranja, ihany koa izy ireo, amin'ny fanatanterahana ny hetsika.

Isan'ireo sedram-pifaninanana noforonina hoenti-miaro ny tontolo iainana ny Foulées Ecolo, mirefy 10 km, ary natokana ho an'ny rehetra. Hisy ihany koa ny hazakazaka Maratoons (1,5 km), natokana ho an'ny fianakaviana, ankoatra ny hazakazaka Marathon (42,195 km) ho an'ireo atleta kalaza. Ankoatra ny atleta malagasy, handray anjara, dia nomena fanasana manokana i Afrika Atsimo sy Kenya. «*Efa mpandray anjara amin'ny Marathon International de Tana ny Keniana ary inoako fa hanana solontena izy ireo, amin'io fotoana io. Nifampiresaka tamin'ny Federasionan'i Afrika Atsimo ihany koa aho ary nanambara ny handefa atleta izy ireo*», hoy i Norolalao Ramanantsoa, filohan'ny Federasiona malagasin'ny taranja atletisma.

Hanara-maso ny fifaninanana mba hahatonga azy hanaraka ny fenitra iraisam-pirenena ny Amaury Sport Organisation (ASO), izay efa mpanara-maso ny hazakazaka toy ny any Dakar sy Tour de France ary ny Marathon de Paris. Hiainga eo amin'ny lapan'ny tanàna Analakely ny hazakazaka ary andrasana eny an-toerana ihany koa ny fahatongavana.

**RA**



Handray anjara amin'ny ady amin'ny fahalotoan'ny tontolo iainana ny «Marathon international de Tana». Ao Raha